



Le Lombricompost :

Un engrais organique pour la fertilité des sols

Un livret pratique à destination des utilisateurs



Zeziika kankana :

Zeziika organika entina hanatsaran' ny tsiron'ny tany

Bokikely natao ho an'ireo mpisehatra amin'ny tontolon'ny fambolena sy fiompiana

par **Dr. Malaliana Razafindrakoto** et **Dr. Eric Blanchart**



INTRODUCTION

Le lombricompost est un engrais organique homogène, riche en nutriments assimilables par les plantes et pauvre en contaminants ; c'est un engrais de premier ordre pour l'amélioration des terres et la restauration de la fertilité des sols. Il a un rôle positif dans le développement des plantes. Il renferme également des enzymes et des hormones végétales favorisant la croissance tout en diminuant les risques de maladies chez les plantes. Il est reconnu par les agriculteurs comme ayant une valeur précieuse et commercialisable. Enfin, le lombricompost est largement préféré aux engrais minéraux dans l'agriculture durable et l'agriculture biologique.

Contrairement aux composts classiques, le lombricompost contient des quantités élevées d'éléments nutritifs (azote, phosphore, potassium, calcium, magnésium, sodium) permettant d'accroître la quantité mais également la qualité des cultures. Ceci est principalement lié à l'activité des vers de terre qui fragmentent les déchets organiques et augmentent l'activité des microorganismes et la minéralisation des déchets organiques. Tous les vers de terre ne sont pas adaptés à la fabrication du lombricompost ; il est important de bien connaître les espèces les plus adaptées.

Un autre avantage du lombricompostage est de produire de grandes quantités de vers de terre qui peuvent être utilisés comme aliments pour les poissons, les poulets et les porcs.

Le lombricompost a donc 3 atouts :

- il permet une bonne gestion des déchets organiques, évitant de déposer ces déchets en décharge où leur décomposition produira des gaz à effet de serre (méthane)
- il produit un fertilisant de très bonne qualité avec d'excellentes conséquences pour le sol et la plante
- il génère une protéine animale alimentaire économiquement viable

L'objectif de ce livre est de décrire en détail les étapes de fabrication et d'utilisation du lombricompost, pour un usage facilité chez les agriculteurs de Madagascar. Nous présenterons les avantages et les inconvénients du lombricompost. Puis nous décrirons les espèces de vers de terre les plus adaptées au lombricompostage et les principales manières de faire des lombricomposts de qualité. Enfin, nous décrirons les différents usages possibles des lombricomposts.

FAMPIDIRANA

Lombricompost na Zezika kankana dia zezika organika, ahitana ireo singa mineraly isankarazany Izay ilaina amin'ny fitombon'ny zavamaniry ary tsy dia misy ireo singa mpandoto ny tontolo iainana. Ny zezika kankana dia anisan'ny lohalaharana amin'ny zezika organika amin'ny fanatsarana ny tany sy ny famerenana amin'ny laoniny ny fahasahan'ny nofontany. Manana anjara toerana tsara amin'ny fitombon'ny zavamaniry izy io. Ahitana anzima sy hormona ho an'ny fitombo ary mampihena ny aretin'ny zavamaniry. Ireo tantsaha efa nampiasa azy dia resy lahatra amin'ny hatsarany ary azo amidy eo amin'ny tsena. Farany, ankafizin'ny tantsaha kokoa ny zezika kankana raha oharina amin'ny zezika mineraly indrindra eo anatrehan'ny famokarana lovainjafy.

Ny "lombricompost" dia mitondra Azota, Fosiforo, Kalisioma, manezioma ary sodioma maro kokoa raha ampitahaina amin'ny zezika komposta tsotra izay manatsara ny vokatra na eo amin'ny habetsahany na eo amin'ny kalitaony. Izany vokatra tsara izany dia azo avy amin'ireo asa ataon'ireo kankana izay manapotika ireo akora organika ary mampitombo ny fiasan'ireo biby kely tsy hita maso sy ny fiforonan'ny singa mineraly avy amin'ireo fakofako ihany koa. Ny kankana rehetra dia tsy voatery hanana io fahaiza-manao amin'ny famokarana zezika kankana na ny "Lombricompost" io. Noho izany dia tsara ny mahalala ireo karazan-kankana mety sy mifandraika amin'izany famokarana zezika izany.

Anisan'ny tombontsoa amin'ny fiompiana kankana koa ny hahafahana mampiasa azy ho sakafo-biby toy ny trondro, ny akoho na ny kisoa.

Fintinina ho zavatra telo (3) lehibe ireo voka-tsoa hoentiny ny zezika kankana na ny "Lombricompost":

- Ny famokarana zezika kankana dia mampihena ny fivangongon'ny fako eny amin'ny toerana fanariana azy, ka mampihena araka izany ireo etona mampidi-doza (methane);
- Mamokatra zezika tena tsara kalitao ary mitondra ireo singa ilain'ny tany hahafahana mampitombo sy manatsara ny zavamaniry eo aminy;
- Mamokatra proteinina ho an'ny biby fiompy, manampy ara-toekarena.

Ny tanjona amin'ity boky ity dia ny fampahafantarana ireo dingana tsotra sady mora arahina raha hamokatra zezika kankana na « Lombricompost » ireo mpamboly eto Madagasikara. Ho atsidika amin'izany ireo tombontsoa samhafa azo avy amin'ny fampiasana zezika kankana raha ampitahaina amin'ny zezika komposta tsotra. Manaraka izany dia ho ampifantarina eto ihany koa ireo karazan-kankana mety ampiasaina amin'ny famokarana zezika. Ary ny farany dia ireo fomba maro samihafa ampiasana ny zezika kankana na ny "lombricompost"

LOMBRICOMPOSTAGE ET LOMBRICOMPOST

Le lombricompostage représente une méthode efficace pour générer un engrais biologique de haute qualité en exploitant les biomasses végétales et/ou les déchets organiques solides. Grâce à l'action des vers de terre, qui se nourrissent de déchets organiques préalablement dégradés ou partiellement compostés, le produit final, appelé «lombricompost», se distingue par sa richesse en nutriments tels que l'azote (N) et le phosphore (P). De manière significative, ce fertilisant est dépourvu de substances toxiques nuisibles aux plantes et sans danger pour la santé humaine.

Comparé au compostage traditionnel, le lombricompostage est de plus en plus reconnu comme une méthode écologiquement viable et socialement acceptable en ce qui concerne sa rapidité de production, la récupération des nutriments et l'absence de phytotoxicité.


Une phase de pré-compostage classique peut favoriser l'action des vers de terre et rendre les lombricomposts totalement dénués de composés organiques toxiques, de parasites et autres agresseurs.



NY ATAO HOE ZEZIKA KANKANA NA NY "LOMBRICOMPOST"

Ny « Lombricompostage na ny fanamboarana zezika kankana dia fomba mahomby amin'ny famokarana zezika organika tsara kalitao amin'ny alàlan'ny fitrandrahana ireo zavamaniry tsy ampiasaina ho sakafon'olombelona na ireo fakofako organika samihafa. Noho ny fihinanan'ny kankana ireo akora organika voalaza ireo, izay matetika efa lô amin'ny ampahany dia mahazo ny vokatra antsoina hoe «Lombricompost » na zezika kankana, izay miavaka amin'ny kalitao noho ny fisian'ireo singa ilaina amin'ny fanirin'ireo voly isankarazany toy ny Azota (N) sy Fosiforo (P). Ny kankana koa dia manakana ny fisian'ireo poizina manimba ny zavamaniry ary sy miantraika amin'ny fahasalaman'ny olombelona.

Raha ampitahaina amin'ny zezika nentim-paharazana, ny lombricompost na zezika kankana dia misy fiantraikany tsara amin'ny tontolo iainana noho ny fahafohizan'ny fotoana fanodinana ireo akora mora lo. Manafaingana kokoa ny fiasan'ny kankana hamokarana ny sakafon'ny « pré-compostage » na fahaloavan'ireo akora fototra.



AVANTAGES ET INCONVENIENTS DU LOMBRICOMPOST

Les avantages du lombricompostage



Production d'engrais de haute qualité

Le lombricompost, produit par l'action des vers de terre sur les déchets organiques, est un engrais riche en nutriments essentiels tels que l'azote (N), le phosphore (P) et le potassium (K). Il améliore la structure du sol et favorise la croissance des plantes.



Valorisation des ressources locales

Le lombricompostage permet d'utiliser les ressources facilement disponibles pour les agriculteurs, dont les déchets de cuisine, certaines plantes spontanées, des résidus de culture et de produire les vers de terre à domicile.



Réduction des déchets

Le lombricompostage permet de réduire significativement la quantité de déchets organiques envoyée aux décharges. Cela contribue à la gestion durable des déchets en minimisant l'impact environnemental.



Processus adapté aux espaces restreints

Les systèmes de lombricompostage sont compacts et peuvent être adaptés aux espaces restreints tels que les habitations ou les petites exploitations agricoles. Ils offrent une solution pratique pour les personnes vivant dans des environnements urbains.



Activité biologique bénéfique pour le sol

Les lombricomposts sont généralement enrichis en microorganismes qui contribuent à la santé globale du sol. Ces microorganismes facilitent la libération des éléments nutritifs pour les plantes et peuvent libérer des hormones participant à la croissance des plantes.



Facilité d'utilisation

Le lombricompostage est une méthode relativement simple et peu exigeante en termes d'entretien. Il est accessible même pour ceux qui n'ont pas d'expérience approfondie en compostage.



Source d'alimentation animale

Outre le lombricompost utilisé comme fertilisant, les vers de terre peuvent être utilisés comme une source de protéines dans l'alimentation animale, offrant ainsi une valorisation supplémentaire des déchets organiques.



Économies financières

En produisant son propre engrais, l'agriculteur peut économiser de l'argent sur l'achat d'engrais commerciaux tout en bénéficiant d'un produit de qualité supérieure.

TOMBOTSOA SY ZAVADRATSY NY ZEZIKA KANKANA NA "LOMBRICOMPOST"

Ireo Tombotsoa azo avy amin'ny zezika kankana na ny "Lombricompost"



Famokarana zezika tsara kalitao

Ny zezika kankana izay azo avy amin'ny fihinanan'ny kankana ireo akora organika dia zezika ahitana amin'ny ampahany betsaka ireo singa samihafa toy ny azota, fosifora ary potasioma (NPK) ilaina amin'ny firafitry ny tany sy fitombon'ny zavamaniry.



Fampiasana ireo loharanon-karena misy eo an-toerana

Ny famokarana zezika kankana dia ahafahana mampiasa loharanon-karena misy sy azon'ny tantsaha ampiasaina, ao anatin'izany ny fako ao an-dakozia, ny zavamaniry sasany maniriniry foana eny rehetra eny, ny sisa tavela amin'ny vokatra ary ny famokarana kankana ao an-trano.




Fihenan'ny fako

Mampihena ny fitobin'ny fako eny amin'ny fanariam-pako ny fanamboarana zezika kankana. Izany dia manampy amin'ny fitantanana maharitra ny fako izay misy fiantraikany tsara amin'ny tontolo iainana.



Asa azo tanterahina amin'ny toerana izay kely ny velarana

Ny rafi-pamokarana zezika kankana dia mety amin'ny toerana kely velarana toy ny trano fonenana na toeram-pambolena. Vahaolana azo ampiharina ho an'ny olona miaina an-tanàn-dehibe.



Asan'ireo biby kely ao anaty tany

Manatsara ny firafitry ny tany ny kankana amin'ny alalan'ny fandavahana. Izy ireo koa dia mampiroborobo ny fitombon'ireo biby kely tsy hita maso manampy amin'ny fahasalaman'ny tany amin'ny ankapobeny sy mamoaika ireo singa ilain'ny zava-maniry amin'ny fitombony.



Mora ampiharina

Ny famokarana zezika kankana dia fomba tsotra tsy mitaky fikojakojana maro. Azo tanterahina izany teknika izany na dia ho an'ireo izay tsy manana traikefa betsaka amin'ny fanaovana Komposta aza.



Azo atao sakafon'ny biby fiompy

Ankoatran' ny zezika azo avy amin'ny famokarana zezika kankana dia azo atao sakafon'ny biby fiompy ahitana proteina koa ny kankana, Izany dia fomba hafa entina ihany koa hanomezan-danja fanampiny ny fanodinana ny fako organika.



Mampihena ny fandania ara-bola

Rehefa mamokatra zezika ho azy manokana ny mpamboly na ny olon-tsotra dia mampihena ny fandania amin'ny fividianana zezika eny amin'ny mpaninjara sady mbola mahazo tombony amin'ny vokatra tsara kalitao.

Les inconvénients du lombricompostage



Sensibilité aux conditions environnementales

Les vers de terre utilisés dans le lombricompostage sont sensibles aux conditions environnementales telles que la température, l'humidité et la lumière. Des variations extrêmes peuvent affecter leur activité et la performance du processus.



Quantités limitées de déchets traitables

Les systèmes de lombricompostage ont une capacité limitée en termes de déchets organiques qu'ils peuvent traiter. Pour les ménages produisant de grandes quantités de déchets, cette méthode pourrait ne pas être suffisamment efficace, ou alors il faudrait de grandes surfaces de traitement.



Temps de traitement plus long

Le lombricompostage peut prendre plus de temps que d'autres méthodes de compostage, en particulier si les conditions ne sont pas idéales. Cela peut limiter la rapidité avec laquelle le compost final est disponible pour une utilisation dans l'exploitation.



Nécessité d'une gestion attentive

Le système de lombricompostage nécessite une gestion attentive pour maintenir l'équilibre entre les déchets ajoutés, l'humidité et la santé des vers de terre. Une mauvaise gestion peut entraîner des problèmes tels que des odeurs désagréables ou la prolifération de nuisibles.



Coût initial

La mise en place d'un système de lombricompostage peut nécessiter un investissement initial en termes de conteneurs, de litière pour les vers, etc. Bien que cela puisse être rentable à long terme, certains peuvent percevoir cela comme un inconvénient initial. Ce coût initial peut-être remboursé par la vente de lombricompost.



Limitation des types de déchets

Certains types de déchets, tels que les agrumes, les oignons, l'ail, etc., peuvent ne pas être aussi bien traités dans un système de lombricompostage en raison de leur acidité ou de leur odeur potentiellement repoussante pour les vers. Il faut donc éviter de les incorporer dans les lombricomposts. De même que les matières animales qu'il ne faut pas intégrer.

Ireo mety ho lafy ratsin'ny zezika kankana na ny "Lombricompost" ka ilana fahamalinana



■ Faharefoana eo anatrehan' ny tontolo iainana tsy sahaza azy

Ny kankana tena mety amin'ny famokaranana zezika dia mitaky tontolo iainana tena sahaza azy mba hahafahany miaina ara-dalàna toy ny hafanana, ny hamandoana ary ny hazavana. Mety hisy fiantraikany amin'ny asan'izy ireo sy ny fahombiazan'ny famokarany zezika ny fiovaovana tafahoatra.



■ Fetran'ny akora organika azo ahodina

Voafetra ny fahafahan'ny kankana manodina ny fako ho zezika raha betsaka loatra ny fako. Mitaky toerana malalaka sy mifanahantsahana amin'ny habetsaky ny fako.



■ Fotoana somary lava hanodinana ny akora ho zezika

Mety haharitra ela kokoa noho ny fomba fanaovana komposta tsotra ny famokaranana zezika kankana, indrindra raha tsy tomombana ireo fepetra takiana hantanterahana azy. Izany dia mety tsy hahafahana mampiasa ara-potoana ny zezika eny an-tanimboly.



■ Mila fikarakarana sy fanaraha-maso akaiky

Ny famokaranana zezika kankana dia mitaky fitandremana ny fitantanana azy mba hitazonana ny fifandanjana eo amin'ny akora fanampiny atao sakafony, ny hamandoana ary ny fahasalaman'ny kankana. Ny tsy fahatomombanan'ny fitantanana dia mety hiteraka olana toy ny fofona maimbo na ny fihanaky ny bibikely.



■ Ny hoeti-manana amin'ny fiatomboan'ny asa famokarana

Ny fametrahana rafitra hamokarana ny zezika kankana dia mety mitaky fampiasam-bola voalohany amin'ny trano iompiana ireo kankana (kaontenera na kesika na fanamboarana ny lavaka sns. Mety ho lafiny ratsy no fandraisana izany filana ara-bola amin'ny voalohany izany na dia fantatra aza fa hiteraka tombontsoa lovainjafy.



■ Famerana ireo karazana akora azon'ny kankana ohanina sy avadika zezika

Ny karazana fako sasany, toy ny voasary, tongolo oignon, tongolo gasy, sns., dia mety tsy ho voahodina noho ireo kasinga asidra ao anatin'ny sy ny fofona mety handroaka ireo kankana.

LES ESPECES DE VERS DE TERRE A UTILISER POUR LE LOMBRICOMPOSTAGE

Seuls les vers de terre appelés 'kankan-jila' sont utilisés pour faire des lombricomposts.

A Madagascar, de nombreuses espèces de vers de terre ayant la capacité à traiter de grandes diversités de déchets organiques peuvent être rencontrées, que ce soit dans le commerce (*Eisenia fetida*), ou dans la nature (*Eudrilus eugeniae* et *Perionyx excavatus*). A Madagascar, dans la nature, on peut aussi trouver d'autres espèces capables de faire un lombricompost de qualité : *Amyntas rodericensis*, *Lampito mauritii*, *Dichogaster bolau*, *Amyntas minimus*.

Pour plus de détails sur ces espèces, leur apparence, leur distribution, leur intérêt, se référer au livret 'Les vers de terre de Madagascar : une ressource pour une agriculture durable' (Razafindrakoto et Blanchart, 2023).

Si *Eisenia fetida* est de loin l'espèce la plus utilisée à Madagascar (sur les Hautes Terres en particulier), il ne faut pas négliger les autres espèces que l'on peut facilement trouver dans la nature, sous les tas de déchets organiques ou sous les tas de feuilles mortes, et qui sont '**gratuites**'. En particulier, les espèces *Eudrilus eugeniae* et *Amyntas minimus* sont très fréquentes dans les exploitations agricoles et elles ont démontré leur capacité à faire un lombricompost de grande qualité.



IREO KARAZAN-KANKANA AMPIASAINA HAMOKARANA ZEZIKA

Ny Kankan-jila ihany no afaka ampiasaina hamokarana zezika kankana

Misy karazana kankan-jila maro samihafa afaka manodina fako organiques samihafa afaka jifaina eny amin'ny mpivarotra (*Eisenia fetida*) na afaka alaina eny amin'ny tontolo manodidina eny ambanivohitra (*Eudrilus eugeniae*).

Eto Madagasikara, eny amin'ny toerana manodidina ny tanana sy ny saha manodidina rehetra eny dia afaka mahita karazana hafa, afaka manao ny lombricompost na ny zezika kankana tsara kalitao ihany koa isika toy ny *Amyntas rodericensis*, *Lampito mauritii*, *Dichogaster bolau*, *Amyntas minimus*.

Raha mila fanazavana fanampiny momba ireo karazan-kankana ireo, ny bika aman'ndriny, ny fitsinjaranany, ny tombontsoany, dia jereo ny bokikely 'Kankan'i Madagasikara: loharanon'ny fambolena maharitra' (Razafindrakoto sy Blanchart, 2023).

Raha ny *Eisenia fetida* no karazan-kankana be mpampiasa indrindra eto Madagasikara (eny amin'ny faritry ny afovoan-tany), dia tsy tokony hatao tsirambina ny karazan-kankana hafa mora hita eny amin'ny natiora, eny ambanin'ny fako organika na eny ambanin'ny ravinkazo maty mivangongo, izay tsy vidiana amin'ny sarany lafo fa '**maimaim-poana**'. Indrindra indrindra, ny *Eudrilus eugeniae* sy ny *Amyntas minimus* izay tena fahita any amin'ny toeram-pambolena ary efa fatatra ny fahombiazany amin'ny fanamboarana lombricompost na zezika kankana izay- tena tsara kalitao.



1 *Eudrilus eugeniae*, une espèce facile à récolter et produisant un lombricompost de grande qualité
Eudrilus eugeniae, karazana mety ho hita dia angonina sy mamokatra lombricompost tsara kalitao

2 *Amyntas minimus*, une espèce de très petite taille mais abondante dans la nature, facile à récolter et produisant un lombricompost de bonne qualité
Amyntas minimus, karazan-kankana madinika, hita betsaka eny rehetra eny ary mamokatra lombricompost tsara kalitao

3 *Eisenia fetida*, une espèce tempérée souvent commercialisée, très réputée par sa capacité à produire du lombricompost de grande quantité
Eisenia fetida, kankana mihaina any amin'ny faritra mafa

LES MATIERES A RECYCLER

Les vers de terre utilisés pour la fabrication de lombricompost sont capables de traiter toutes sortes de matières organiques : tous types de déchets organiques, déchets alimentaires, déjections animales (volailles, porcs, bovins, ovins, caprins, équins et lapins), résidus de plantes mortes, déchets de jardin.

Par conséquent, presque tous les résidus organiques peuvent être utilisés dans la fabrication de lombricompost. Il peut s'agir de déchets solides municipaux biodégradables, d'excréments d'animaux et des résidus de cultures, de biomasse végétale disponible dans ou autour des exploitations.

Toutes ces matières renferment de très nombreux nutriments qu'il faut conserver et valoriser notamment en milieu agricole. Le lombricompostage est une méthode biochimique permettant de valoriser ces matières en des engrais riches en éléments nutritifs, utiles pour entretenir la fertilité du sol.

Il est important de noter que la valeur fertilisante des lombricomposts est déterminée par les espèces de vers de terre employées et par les caractéristiques des matières organiques, i.e. leur pH, leur teneur en eau, leur teneur en nutriments (azote et phosphore notamment) et leur rapport carbone/azote. Le choix des matières à utiliser est donc primordial.

Liste des espèces végétales à valoriser en lombricompost à Madagascar

Les feuilles de certains arbres peuvent être valorisées en lombricompostage, après une étude faite aux alentours de la commune d'Imerintsiasosika.

Nous pouvons en citer quelques espèces.

Liste des arbres dont les feuilles peuvent être utilisés pour les lombricomposts :

- Arbres non cultivés : Harongana, Faux neem, Solanum,
- Arbres cultivés : Frêne, Albizia, Jambolana, Acacia

Liste des arbustes dont les feuilles peuvent être utilisées pour les lombricomposts :

- Non cultivées : Solanum, Lantana, Psidia, Café sauvage, Vernonia, Tambitsy, Ricin, Trichodesma, Crotalaire, Datura, Seena, Fougère
- Cultivées : Tithonia, Sesbania, Goyavier, Jambos

Les herbacées, adventices et plantes cultivées

Ces plantes sont communément utilisées pour faire du compost et évidemment pour le lombricompostage. Les espèces citées ci-dessous sont issues d'une étude faite aux alentours de la commune d'Imerintsiasosika, région d'Itasy. Bien entendu, selon les régions d'étude, d'autres plantes que celles de cette liste pourront être valorisées.

Liste des herbacées dont les feuilles peuvent être utilisées pour les lombricomposts :

Passiflora sauvage, Aristida (Bozaka), Canna, Cardamome, Kalanchoe, Cajanus, Chanvre, Centella, Flemingia, Azolla, Eulesine, Cyathula, Scabra, Hirta, Bidens, Ageratum

Liste des résidus de culture dont les feuilles peuvent être utilisées pour les lombricomposts :

Canne fourragère, pois d'Angole, Commelina, Bananier, Tomate, Haricot, Courgette, Paille de riz, Maïs, Patate douce, Concombre, Arachide, Aubergine, Taro, Choux, Pois de terre, Petit pois, Christophine

IREO SINGA AFAKA HAODINA

Ny kankana ampiasaina amin'ny fanamboarana ny zezika kankana dia afaka manodina ny karazan'akora organika rehetra : ny karazana fako organika rehetra, ny fako sy ambin- tsakafo ao andakozia.

Afaka ampiasaina ho sakafon'ny kankana daholo rehefa karazam-pako mora lo. Tafiditra ao anatin'izany ny karazam-pako mora lo an-tanan-dehibe, ny taim-biby sy ny sisa tavela amin'ny vokatra, ireo sisan-javamaniry misy ao amin'ny toeram-pambolena sy ny manodidina.

Ireo akora rehetra ireo dia misy singa marobe izay tsy maintsy tehirizina sy averina ahodin'ny kankana ka mahatsara ny kalitaon'ny zezika izay vokarina.

Miankina amin'ny karazan'ny kankana ampiasaina sy ny kalitaon'ny akora organika atao sakafony ny hatsaran'ny zezika kankana, izany hoe azo refesina amin'ny pH, ny hamandoana ary ny fifandanan'ny karbona/Azota. Tena zava-dehibe ny fisafidianana ireo akora ampiasaina.

■ Lisitr'ireo zavamaniry afaka ampiasaina amin'ny famokarana zezika kankana

Ny ravinkazo sasany dia azo ampiasaina amin'ny famokarana zezika.

Ireto avy ireo karazana hazo vitsivitsy afaka ampiasaina taorian'ny fanadihadiana natao manodidina ny kaominina Imerintsiasosika.

Ireo karazan-kazo lehibe :

- Hazo tsy novolena : Harongana, Voandelaka, Seva,
- Hazo novolena : Frêne, Bonara, Rotra, Akasia

Ireo karazan-kazo madinika :

- Hazo tsy novolena : Seva kely, Radriaka, Hazotokana, Dingadingana, Kafe-tsoavaly, Ambiaty, Tambitsy, Tanatamanga, Parakin'aliaka, Kafé senegaly, Alokak'akoho, Ramiara, Tsotsoron'angatra, Apanga
- Hazo novolena : Tanamasoandro, Sesbania, Goavy, Zamborizano

■ Ny ahitra, ny ahi-dratsy ary ny zavamaniry ambolena


Ireo zavamaniry ireo dia matetika ampiasaina amin'ny fanaovana compost ary mazava ho azy ho an'ny famokarana zezika kankana ihany koa. Ireo karazany voalaza etsy ambany ireo dia avy amin'ny fanadihadiana natao teny amin'ny Kaominina Imerintsiasosika, Faritra Itasy. Mety hisy koa anefa ireo karazany hafa efa ampiasaina any amin'ny toeran-kafa sy any amin'ny faritra hafa fa saingy tsy voantanisa ao anatin'ity lisitra ity.

Lisitry ny zavamaniry misy raviny izay azo ampiasaina:

Garana Sinoa, Bozaka, Voplera, Longoza, Sodifafana, Ambarivatry, Tsindahory, Talapetraka, Flemingia, Ramilamina, Tsivongo, Tangongo, Mivadika, Maimbo kely, Anamadina, Hanitrin'ny, Anamadama

Lisitry ny sisam-bokatra azo ampiasaina:

Kizozy, Antsoro, Nifin'akanga, Akondro, Voatabia, Tsaramaso, Courgette, Vary, Katsaka, Vomanga, Concombre, Voanjo, Baranjely, Saonjo, Laisoa, Voanjobory, Petit pois, Sôsety



Autres espèces d'intérêt à préconiser pour produire du lombricompost

Des informations récoltées auprès des agriculteurs et des observations directes sur les actions répulsives des certaines plantes contre les insectes ravageurs du sol, mais qui peuvent cependant s'avérer létales pour les poissons, ont permis de proposer certaines plantes à utiliser dans les lombricomposts. Les plantes citées ci-dessous sont à préconiser parmi les biomasses à lombricomposter en raison des services qu'elles peuvent rendre.

ESPÈCE DE PLANTE	EFFETS SUR LA CULTURE ET LE SOL	EFFET SUR LES INSECTES
Ambiaty <i>Vernonia appendiculata</i>	Améliore les rendements mais à long terme	Répulsive
Seva kely <i>Buddleja madagascariensis</i>	Non renseigné	Répulsive
Tanamasoandro <i>Tithonia diversifolia</i>	Favorable pour les cultures de pomme de terre	Répulsive
Tephrosia <i>Tephrosia vogelii</i>	Contre l'érosion	Répulsive * Létale pour les poissons
Seva be <i>Solanum auriculatum</i>	Améliore les rendements	Répulsive
<i>Acacia sp.</i>	Non renseigné	Répulsive

Ireo zavamaniry hilana fitandremana tsara ny fampiasana azy

Araka ny antontam-baovao azo avy amin'ny mpamboly sy ny fandinihana mivantana ny toetoetr'ireo zavamaniry sasany mpandroaka ireo bibikely mpanimba voly ao amin'ny tany na mpanamamo trondro izay ampiasain'ny mpanjono sasany hanamora ny fanjonoana. Ireo zavamaniry voatanisa etsy ambany dia hilana fitandremana ny fampiasana azy raha hamokatra zezika kankana.

KARAZANY	FIHATRAIKAN'NY VOLY	FIHATRAIKAN'NY AMIN'IREO BIBIKELY
Ambiaty <i>Vernonia appendiculata</i>	Manatsara ny vokatra	Manohitra ny fisihan'ireo bibikely mpanimba voly
Seva kely <i>Buddleja madagascariensis</i>	Tsy nahazoana torimarika	Manohitra ny fisihan'ireo bibikely mpanimba voly
Tanamasoandro <i>Tithonia diversifolia</i>	Tsara ho an'ny voly ovy	Manohitra ny fisihan'ireo bibikely mpanimba voly
Tephrosia <i>Tephrosia vogelii</i>	Miaro ny nofon-tany	Manohitra ny fisihan'ireo bibikely mpanimba voly * mamono ny trondro
Seva be <i>Solanum auriculatum</i>	Manatsara ny vokatra	Manohitra ny fisihan'ireo bibikely mpanimba voly
<i>Acacia sp.</i>	Tsy nahazoana torimarika	Manohitra ny fisihan'ireo bibikely mpanimba voly



LES LOMBRICOMPOSTEURS et LES MATIERES PREMIERES

